



Aix-Marseille

4, rue Villars
13100 Aix-en-Provence

Siège national

47 rue de Clichy
75009 Paris

Tél. 01 45 96 03 05

15, rue Grignan
13005 Marseille

FANOMPOAM-PIVAVAHANA
Alahady 27 Desambra 2009



Ary ny Zaza nitomba ka nihahery sady feny fahendrena; ary ny fahasoavan'Andriamanitra no tao aminy

Or, l'enfant croissait et se fortifiait. Il était rempli de sagesse, et la grâce de Dieu était sur lui.

Luc 2 / 40

◆ FEON-JAVAMANENO

(PRELUDE)

◆ FIARAHABANA

(SALUTATION POSTOLIQUE)

◆ FIDERANA :

(LOUANGE)

► Iarahana mamaky : ny **SALAMO 84**

Sambatra izay mitoetra ao an-tranonao / hidera Anao mandrakariva izy / Sambatra izay olona manan-kery avy aminao / ao am-pony ny lalana / Raha mandeha mamaky ny lohasaha Baka izy, Dia ataony misy loharano izany / ary ny loha-orana manarom-pitahiana azy / Miampy hery eny ampandehanana izy / samy miseho eo anatrehan'Andriamanitra any Ziona izy rehetra / Jehovah, Andriamanitra ny maro ô, henoy ny fivavako / Fa ny indray andro eo an-kianjanao dia tsara noho ny arivo / aleoko mipetraka eo amin'ny tokonam-baravaran'ny tranon'Andriamanitra / toy izay mitoetra ao an-dain'ny ratsy fanahy / Fa Masoandro sy Ampinga Jehovah Andriamanitra / fahasoavana sy voninahitra no homeni Jehovah / tsy hiaro zava-tsoa amin'izay mandeha amin'ny fahitsiana izy / Jehovah, Tompon'ny maro ô, sambatra izay olona matoky Anao

4 Heureux ceux qui habitent ta maison! Ils peuvent te célébrer encore. 5 Heureux ceux qui placent en toi leur appui! Ils trouvent dans leur coeur des chemins tout tracés. 6 Lorsqu'ils traversent la vallée de Baca, Ils la transforment en un lieu plein de sources, Et la pluie la couvre aussi de bénédictions. 7 Leur force augmente pendant la marche, Et ils se présentent devant Dieu à Sion. 10 Mieux vaut un jour dans tes parvis que mille ailleurs; Je préfère me tenir sur le seuil de la maison de mon Dieu, Plutôt que d'habiter sous les tentes de la méchanceté. 11 Car l'Eternel Dieu est un soleil et un bouclier, L'Eternel donne la grâce et la gloire, Il ne refuse aucun bien à ceux qui marchent dans l'intégrité. 12 Eternel des armées! Heureux l'homme qui se confie en toi!

📖 **FFPM 150**

1- He! tsara ny fonenanao.

Andriamani tra ô!

Ziona tendrombohitrao.

Tanàna masina :

Ka iza no hiakatra ao ?

Izay mahitsy fo.

Izay madio tàmàna.

Izay manao ny to.

Ka mino ny Mpanavotra.

Ireo hiakatra ao !

3 - Miantranoa, Tompo ô!

Mba hifalianay :

Voavoatra ny tranonao.

Midira aminay !

Jehovah no Mpanjakanay.

Mpanjaka tianay :

Ny hery, voninahitra.

Sy ny fisaorana.

Anao tokoa, ry Tomponay,

Mandrakizay doria !

◆ VAVAKA

(PRIERE)

◆ SITRAPON'ANDRIAMANITRA

(VOLONTÉ)

◆ FIAIKEN-KELOKA

(CONFESSION DES PÉCHÉS)

◆ TENY FAMELAN-KELOKA

(PARDON)

Hira fifonana:

Ry Andriamanitra Tompo Ray any an-danitra ô,

(Seigneur aie pitié de nous. Christ Sauveur aie pitié de nous. Saint Esprit Consolateur, aie pitié de nous)

(KYRIE ELEISON!)

📖 **FFPM 170**

1- Ry Jeso ny fitiavanao

No ifalianay.

F avoavono Hianao,

Hisolo voina anay.

Mba raisonao re

Ny saotra aterinay izao, Ho fanajana

Anao, Mpamonjy tia!

4- Hiezaka izahay, Jeso!

Ka mba ho tia Anao.

Ka tsy hatahotra eso koa,

Noho ny aminao re

◆ FANKALAZANA

(GLORIA)

«Voninahitra ho any amin'ny avo indrindra ho n'Andriamanitra» *(Gloire à Dieu dans les lieux très hauts!)*

► **Fiangonana** : «Ary fiadanana anie ho ety ambonin'ny tany amin'ny olona ankasitrahany»

(Et paix sur la terre parmi les hommes qu'il agrée!) 2

 **FFPM 212**

1- Velona sy mahery
Ny tenin'Andriamanitra,
Ka na dorana aza
Dia tsy ho levona ;
Ny Sekoly Alahady
Dia mivelona aminy.

2- Sabatra roa lela
Maranitra, manindrona,
Mampisaraka aina
Sy fanahy, tonona ;
Fantany avokoa
Ny am-po miafina.

3- Hotsaraina isika,
Ka llay Teny velona
No hanavaka antsika
Ary koa hanavotra.
Koa minoa ny teny,
Teny fahasoavana.

♦ **SORATRA MASINA**

(LECTURES BIBLIQUES)

* Testamenta Taloha (Ancien Testament)	1Sam	1	20 - 28
* Epistily (Épître)	1 Jean	3	1 - 24

 **FFPM 163 / 2** **2 - Io** no Filazantsara soa, Teny fiainana :
Teny mamy indrindra koa, Teny fiainana.
Raisonao ny teny, Teny soa nomeny :
Tenin'ny Ray, .sns.

* Filazantsara (Évangile)	Luc	2	40 - 52
----------------------------------	------------	----------	----------------

 **FFPM 190 / 2** **2- Ry** Jesosy mitenena
Araka ny fombanao
Aminay izay manantena
Mba handre ny feonao;
Fo marary sy manahy
Mba tsaboy sy iantrao;
Ny te-hino, fa tsy sahy,
Anehoy ny holatrao!

♦ **TORITENY**

(PRÉDICATION)

♦ **ANTSIA FIDERANA**

(CHORALE)

♦ **BATISA**

(BAPTEME)

 **FFPM 248 / 1, 2** **1- Nitondra** ny zaza ny
reny tao Salema,
Mba hotahin'i Jeso Kristy
be indrafo ;
Nolavin'ny mpianatra izy,
nefa hoy Jesosy hoe :
"Avelao ny zaza hanatona izao "

 **FFPM 761 / 1** **1- Ry** Jeso, Zoky be fitia !
Avia, mitantana,
Fandrao izahay maniasia
Avinin'i Satana
Ry Jeso ô! tahio izahay,
Fa mbola kely saina.
He! tsy mba hendry, tsy mahay,
Ka mora ambakaina.

♦ **FANEKEM-PINOANA :**

(CONFESSION DE FOI AVEC LES PREMIERS TÉMOINS)

Manambara ny finoantsika an'i Jesoa Kristy isika / dia araka ny tenin'i Jaona Mpanao Batisa hoe / "Indro ny Zanak'ondrin'Andriamanitra / Izay manaisotra ny fahotan'izao tontolo izao" (Jao. 1 : 29) / Sy araka ny teny nataon'i Andrea hoe / "Efa nahita ny Mesia izahay" (Jao. 1 : 41) / Sy araka ny teny nataon'ny Samaritana hoe / "Ny tenanay no nandre, ka fantatray fa lzy tokoa no Mpamonjy izao tontolo izao" (Jao. 4 : 42) / Sy araka ny teny nataon'i Petera hoe / "Ianao no Kristy Zanak'Andriamanitra velona" (Mat. 16 : 16) / "Ianao no manana ny tenin'ny fiainana mandrakizay" (Jao. 6 : 68) / Ary araka ny teny nataon'i Tomasy hoe : "Tompoko sy Andriamanitro" (Jao. 20 : 28) Amena.

♦ **FILAZAN-DRAHARAH**

(ANNONCES)

◆ RAKI-PISAORANA

(OFFRANDE)

FFPM 486 (Inona no hahasarak' ahy)

1- *Inona* no hahasarak' ahy
Amin'ny fitiavanao, Jeso ?
Fahoriana ve, sa ahiahy ?
Fahantrana, sa famoizam-po ?

Tsia, ry Jeso Tompo be fitia,
Izaho tsy mivadika Aminao
Fa mandrakizay doria
Izaho dia hanaraka Anao.

2 - *Inona* no hahasarak' ahy
Amin'ny fitiavanao, Jeso ?
Zo sy laza sy fakampanahy ?
Sa harena, zava-mora lo ?

3 - *Inona* no hahasarak' ahy
Amin'ny fitiavanao, Jeso ?
Sabatra, sa fanenjeha-mafy ?
Sa mosary, ady be manjo ?
Tsia, ry Jeso, sns.

4 - *Inona* no hahasarak' ahy
Amin'ny fitiavanao, Jeso ?
Faty ve no hampivadika ahy,
Loza, hery, fahefana koa ?
Tsia, ry Jeso, sns.

5—*Eny*, izao rehetra izao, ry Tompo,
Tsy mba hahasarak' Aminao !
Na inona hanjo ity mpanompo,
Dia hijoro, tsy handao Anao !
Velona aho, Tompo, eny maty,
Dia tsy mivadika Aminao !
Hianao no velona, ao anaty,
Ka doria, ny foko ho Anao!

◆ VAVAKA FISAORANA SY FANGATAHANA

(INTERCESSION)

◆ HAFATRA

(EXHORTATION)

◆ TSODRANO

(BÉNÉDICTION)

FFPM 753

1- *Hiaraka* Aminao aho ô ry
Jesoa Tompoko
Tsy manana olon-kafa aho,
fa Hianao no fiainako
Hanara-dia Anao,
izay no faniriako
Hifikitra Aminao aho, Jesoa!

Tiako ny *hiaraka* Aminao Jesoa
Na aiza na aiza hitondranao ahy
Tiako ny *hiaraka* Aminao Jesoa
Fa Hianao no miantso ahy

2- *Hiaraka* Aminao aho, ô ry
Jesoa Tompoko
Hitory teny soa amin'ireo havako,
Hanara-dia Anao : izay no faniriako
Hanohy ny asanao aho, Jesoa!
Tiako ny *hiaraka*, sns.

3- *Hiaraka* Aminao aho, ry
Jesoa Tompoko
Ho zary famonjena anie ny fahoriako,
Hanara-dia Anao, izay no faniriako
Hifantsika Aminao aho, Jesoa!
Tiako ny *hiaraka*, sns.

4- *Hiaraka* Aminao aho, ô ry
Jesoa Tompoko
Hibanjina ny Ray, Tompo Andriamanitra
Hanara-dia Anao, izay no faniriako,
Izay misy Anao, no hisy ahy, Jesoa.
Tiako ny *hiaraka*, sns.

Mpitarika : Voninahitra ho an'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina Izay hatramin'ny taloha indrindra ka ho mandrakizay, amen. Mandehàna amin'ny fiadànana...

(Gloire soit au Père, gloire au Fils, gloire au Saint Esprit! Comme au commencement, aujourd'hui, toujours et d'éternité en éternité! Allez dans la paix du Christ!)

Fiangonana : « Isaorana anie Andriamanitra. » (Rendons grâce à Dieu!)

◆ FEON-JAVAMANENO

(POSTLUDE)

Soli deo Gloria

Président:

Charles RAKOTONIAINA

Tél. 04 91 92 02 33

Vice-président:

Roger RAMIANDRISOA

Tel. 04 96 12 00 19

Trésoriers:

Auguste RALAIMANARIVO

Tél. 04 42 58 83 33

Solange RANAIVOSOA

Tél. 04 42 66 93 63

Secrétaires:

Jocelyne RANDRIANARIDERA :

04.42.54.72.63

Rolande RAMAMONJISOA :

04.91.84.68.51

Olivia RASOAMANANA (finance):

06 34 54 15 83

Conseiller: Lanto RASOLOARJAONA

04.86.12.91.82

Pasteur: Jeannot RANDRIANANDRASANA

06 62 67 92 79

Website: <http://fpmaam.free.fr>

Pour soutenir l'église, envoyer vos dons ou vos contributions au:

RIB: 20041 01008 1704700Z029 60 (La Banque postale)